# Ilay Voa Tsara Nafafy 28 Mey 2018

**28** **Alatsinainy**
mey

**Fa efa miseho ny fahasoavan'Andriamanitra, izay famonjena ny olona rehetra.** Titosy 2. 11

**Fiainana mandrakizay no omen'Andriamanitra antsika, ary ao amin'ny Zanany izany fiainana izany.**
1 Jaona 5. 11

**Voagejan'ny zava-mahadomelina**

Julia dia nijaly fony mbola zaza, ka nandray zava-mahadomelina rehefa nanomboka ho tovovavy kely. Nanjary niankin-doha kokoa hatrany tamin'izany izy, ka voatery niditra hôpitaly imbetsaka. Niharatsy ny toe-pahasalamany, ary dia nampahafantarin'ny mpitsabo azy fa kely sisa ny andro hiainany. Tao anatin'izany toejavatra mahakivy izany, dia nisy mpivady kristiana nitonona handray azy. Nilaza anefa i Julia fa tsy mila resaka antokom-pivavahana na vavaka. Mba hampitony azy rehefa mihetsika ny filàny, dia nikarakara azy fatratra izy mivady ireo, nampiana kristiana hafa. Tsikelikely teny, tsy vitan'ny hoe tsy niezaka handositra intsony izy rehefa misy miresaka an'i Jesosy, fa nanongilantsofina aza. Nangetaheta fitoniana ny fanahiny, ary niala tsimoramora taminy ny toe-po te hikomy. Dia tonga ny fotoana nangatahany fanafahana ka nampitodika azy tamin'i Jesosy, Izay nitady ity ondriny very. Tsy ela i Julia dia nijoro ho vavolombelona : „Tena sambatra aho, mino an'i Jesosy aho ! Kanefa tsapako ho tsy mendrika Azy ny tenako : tsy mba manana na inona na inona aho, homena Azy..."

Tatỳ aoriana, nihaosa kokoa hatrany ny vatany, nefa nohazavainy tamin'ireo namany fa ny tena fiainany, ny fiainana mandrakizay, dia ao amin'i Jesosy Kristy. Ary indray andro, safotra teny an-dalana izy ; dia niditra tao amin'ny fiadanana eo anilan'ny Mpamonjiny, ora vitsivitsy taorianan' izany.

Natao ho an'ny olona rehetra ny fahasoavan'Andriamanitra, izay loharanom-pamonjena. Io fahasoavan'Andriamanitra io no manafaka ny tsirairay amin'ny ota sy ny fanandevozana rehetra, mba hananany fiainana mandrakizay, noho ny nanateran'i Jesosy Kristy ny tenany ho sorona.